KAONTY MAROMARO NO AMPIASAINY

# Tratra ilay mpisoloky amin'ny FB mandefa mpiasa any ivelany

Tratra ny tovolahy iray mpisoloky amin' ny facebook, milaza ho mahavita mandefa mpiasa any ivelany, kaonty maromaro no ampiasainy amin'izany. Voasambotry ny zandarimaria ny 28 janoary 2022 ny tovolahy iray 22 taona mpisoloky avo lenta eto amin'ny tambazotran-tserasera sosialy facebook. Ny tobim-paritry ny Zandarimaria Antsirabe faritra Vakinankaratra sy ny traikefany, no angady nananana sy vy nahitana izao vokatra izao. Niara-nisalahy taminy nanao ny fanadihadiana ny sampandraharaha miady amin'ny fandikan-dalàna an'habaka. Taorian'ny fanadihadiana dia natolotra ny fampanoavana ity tovolahy ity ny 08 febroary 2022 ary izao naiditra amponja vonjimaika izao. Mampiasa pejy sy kaonty Facebook maromaro ity tovolahy ity hanaovany ny asa ratsiny. Isan'ireny ny pejy Citizen Madagascar. Io pejy io no isolokiany ireo Malagasy te hitady asa any Canada, amin'ny alàlan'ny tolotra asa tsy misy akory. Ny Electro Magasin d'usine sy Roda Magasin d'usine. Ireto pejy ireto indray dia fivarotana fahitalavitra sy finday an' habaka (vente en ligne). Rehefa azony amin'ny findainy ny vidiny dia tsy azo antso intsony izy ary tsy tonga any amin'ilay mpividy ny entana novidiana. Ny farany dia ny kaonty Aina Riana Rakoto, izay nalaza tamin'ny fivarotana fiara tsy mataho-dàlana Sportero tamin'ny vidiny mirary dia mirary. Maro no voasarika ary nandoa vodiondrim-barotra avy hatrany ary tafajoboka tao anaty haraton'ity mpisoloky ity. Ny Zandarimariam-pirenena dia manambara fa: aza atao ny manome vola ny olona tsy fantatrao na tsy hitan'ny masonao amin' ireo "mobile banking" (airtel money, mvola, orange money), fa maro ny mpisoloky. Aza sodokan'ny zavatra mora fa ny mora tsy mba tsara, ary ny tsara tsy ho mora vidy. Mitandrema amin' ireo tolotra asa mankany ivelany, fa hain'ireo olondratsy ny manararaotra ny tsy fananana asa sy ny fahamehanao.



*Ilay tovolahy mpisoloky amin'ny FB.*

**Stefa**

Fiombonamben'ny fiangonana Evangelika

# Nanolotra vary 3 taonina latsaka kely ho an'ny traboina


Nanolotra vary milanja 50 kg miisa 57 gony, na 3 taonina latsaka kely, tamin'ny Bngrc ny fiombonamben'ny fiangonana Evangelika, izay natao tetsy Antanimora ny talata maraina teo, ho fanampiana an'ireo mpiray tanindrazana traboina, nohon'ny fandalovan'ny Rivo-doza « Batsirai » teto Madagasikara ny faran'ny herinandro teo . Nisafidy nanolotra vary ho an'ny mpiray tanindrazana ny fiombonamben'ny fiangonana Evangelika, satria ny sakafo no tena ilaina maika eny anivon' ireny ivon-toerana mampiatrano ireo tra-boina ireny. Vaninan'andro tokony hifanohanana sy hifanampian'ny olom-pirenena izao vaninandro izao manoloana ny fiatrehana ny takaitra navelan'ireo andro ratsy izay nifanesy, hoy Andriamatoa Randria Naivo Ravelona filohan'ny CEAEM (Confederation des eglises et associations Evangeliques de Madagascar). Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra ity, fa fotoana iainan'ny Malagasy ao anatin'ny fihavanana amin'ny alalan'ny fifampitsinjovana eo amin' ny samy mpiara-belona izao fotoana izao ary voasaringotra ao anatin 'izany ny fiangonana tsirairay, mba hanatanteraka ny tenin'ny soratra masina. Nametraka hafatra ho an'ny mpiray tanindrazana Andriamatoa Randria Naivo Ravelona Adolph, fa tokony hifampitsinjo ny Malagasy manomboka izao, mba hampisehoana amin'izao tontolo izao, fa mbola mipetraka ny soatoavina Malagasy dia ny fihavanana.


*Ireo avy amin'ny fiombonamben'ny fiangonana Evanjelika nanolotra fanampiana ho an'ny traboina.*

**Franck Razakambelo**

Madera Namontana

# Lehilahy mpangala-jaza sy taova voasambotry ny fokonolona


*Ilay lehilahy voalaza ho mpangala-jaza sy taova.*

Lehilahy iray voalaza ho mpangala-jaza sy taova, no voasambotry ny fokonolona tetsy Madera Namontana. Nifanenjehan' ny olona ny lehilahy iray voalaza ho nangala-jaza omaly, tetsy Madera Namontana Antananarivo ka tratra. Raha ny vaovao azo tamin'ireo nanatrimaso dia saika ho entiny hitsoaka hakana taova ity zaza ity. Araka ny nolazain'ny manodidina hatrany, nahatratrarana taratasy mirakitra ireo taova alaina amin'ny olombelona tany amin'ity lehilahy ity. Isan'izany ny sofina, ny maso sy ny maro hafa. Avotra soa amantsara ilay zaza ankehitriny ary tsy nisy nandrimbinana. Efa natolotra ny ray aman-dreniny izy ary ilay lehilahy lehibe voarohirohy ho mpangala-jaza sy mpaka taova kosa, efa eo am-pelantanan'ny mpitandro ny filaminana. Ireto farany no hanokatra fanadihadiana hahafantarana ny marina momba ity raharaha ity.

**Stefa**

Lakandranon'Andriantany

# Jiolahy nitsoaka tao anaty rano, maty voatifitry ny polisy


*Ilay jiolahy lavo tetsy amin'ny 67 ha.*

Jiolahy nitsoaka tao anaty rano tetsy amin'ny Lakandranon'Andriantany, maty voatifitry ny polisy. Jiolahy iray avy nanao ny asa ratsiny, no nifanenjehan'ny olona ary nilatsaka tao anaty Lakandranon'Andriantany tetsy amin'ny 67ha. Tonga teny an-toerana ihany koa ny Polisy. Notorahan'ny olona tamin'ny vato ity jiolahy, saingy tsy nety nivoaka tao anatin'ilay rano. Andeha hamaly ilay jiolahy ary saika nampiasa ny fitaovam-piadiana teny aminy, izao lavon'ny balan'ny Polisy izao. Mbola hita teny aminy ny basy revolver saika ho ampiasainy.

**Niaina**

Feona ray aman-drenina mpianatra

# Ovao ny fotoana ampianarana, omeo lanja hatrany ny diplaoma CEPE

Nisy ny fanadihadia-na nataon'ny mpanao gazety tamina ray aman-drenin'ny mpianatra amin'ny sekoly Epp, tsy miankina ary sekoly miankina amin'ny Ekar, tao amin'ny Boriboritany faha-5 teto Antananarivo. Azo lazaina ho niray feo ireo ray aman-dreny nandritra izany fa: aoka hovaina ny fotoam-piana- ran'ny mpianatra. Niverina an-tsekoly tokoa ny mpianatra nanomboka omaly, taorian'ireny fotoan-tsarotra momba ny toetr'andro ireny, samy nahatsapa ireo ray aman-dreny maro sendra anay, fa tapatapaka ny fianarana raha izao fandaharam-potoana izao no mbola arahina, manampy trotraka ny valanaretina Covid-19, izay efa saro-bahana ho an'ny rehetra tokoa, ka mila jerena malaky ihany raha ny feo voaray. Tao ireo nilaza fa tsara hahemotra ny datim-panadinana, ka hamboarina mifanaraka amin'izany ny taom-pianarana.

Vao tsy ela izay no nandalo fialan-tsasatra ny ankizy, teo koa ny andro ratsy ANA, nefa mbola tratran'i BATSIRAI teo koa, dia hita fa tsy sahaza ny taom-pianarana intsony io mianatra fahavaratra io, izany hoe: tokony hanomboka tapaky ny volana febroary ohatra ny taom-pianarana iray, ka tapaky ny volana desambra ihany koa vao mifarana. Ny fanadinana no tanterahina faran'ny volana novambra ka mba misy tapany kely fanadiovana, fiandrasana vokatra, fanomanana taompianarana vaovao, na fihaonana faramparan'ny sekoly tsirairay. Ny andro Paska, na Pentekosta, sy andro fankalazana hafa hoy izy ireo dia mba ho ferana ho herinandro eo ho eo ny fiatoana, ka mba hamporisika hatrany ireo ankizy.

Nisy koa ny feo voaray momba ny CEPE, aoka hoy ireo ray Aman-dreny mba omen-danja ihany izy ireny, fa tsy atao tsinontsinona, io no mba tanjona, mari-pahaizana iray ahafantarana fa ma-hay manoratra sy mandinika ny ankizy iray, afaka mivarotra sy manao asa tsotra farafaharatsiny, ka mba tsy ho voambaka sanatria. Ny sasany aza moa mbola nilaza, fa tsara koa raha mba haverina ihany koa ireny "Instruction civique " ireny, mba ho enti-miatrika sy manatsara hatrany ny fiainana ho avy, satria mbola ho ray Aman-dreny koa ireo ankizy any aoriana, sady fitaizan-tena sy toetra no antoky ny ho avy, ka tsy ho voasembantsemban'ny ANA na ny ANA(o), na ny ANA(reo), sy ny BATSIRAI na BATSIZATO, COVID-19, 20,... intsony sanatria, fa mba hizotra tsara amin'izay ny fampianarana!

**Beharo**


*Manelingelina ny fotoam-pianarana ny zava-mitranga mandritra ny fotoam-pahavaratra.*